



ZO

*amin'ny fisitrahana
rano fisotro madio sy fanadiovana
eto Madagasikara*

Henintsoa Randrianjaka RAKOTONDRATAFIKA
Jolay 2021



© **Ran'Eau, 2021**

Lot IIIQ 60 Bis Andoharano Tsimbazaza, Lâlana Fernand Kasanga, Antananarivo 101, Madagasikara.

Laharana finday : +261 34 13 550 87
+261 33 80 633 25
+261 32 69 144 70

Adiresy Mailaka : raneau@raneau.org

Facebook : ONG Ran'Eau

Tranokala : www.raneau.org

Ireo nandray anjara :

Sary : Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana

Famolavolana : Laetitia RAZAFINIARY, Tsiry Deraina RAKOTOARISOA - Ran'Eau

Fizahan-takelaka

| | |
|------------------|---|
| Fanafohezan-teny | 4 |
| Teny fampidirana | 5 |

Fizarana I : Ny fototra nahazoana ny zo hisitraka rano fisotro madio sy fanadiovana

| | |
|--|---|
| Toko I : Ireo fototra iraisam-pirenena | 8 |
| Andiany I : Fitaovana iraisam-pirenena | 8 |
| Andiany II : Fitaovana aty Afrika | 8 |
| Toko II : Lalàna fototra eto Madagasikara | 9 |
| Andiany I : Ny lalam-panorenana | 9 |
| Andiany II : Ny fehezan-dalàna momba ny rano | 9 |

Fizarana II : Ny votoatin'ny zo hisitraka rano fisotro madio sy fanadiovana

| | |
|---|----|
| Toko I : Ny zo ara-penitra hisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana | 11 |
| Toko II : Ireo endriky ny zo amin'ny ankapobeny mahakasika ny rano fisotro madio sy fanadiovana | 12 |
| Loharano fanovozan-kevitra | 13 |

Fanafohezan-teny

AEPG : Famatsiana rano fisotro madio avy amin'ny hery misintona (Approvisionnement en Eau Potable Gravitaire)

AG : Fivoriam-be (Assemblée Générale)

DUDH : Zo eran-tany mahakasika ny zon'olombelona (Droit Universel des Droits de l'Homme)

EAH : Rano, Fanadiovana sy Fidiovana (Eau, Assainissement et Hygiène)

HCC : Fitsarana Avo momba ny lalàm-panorenana (Haute Cour Constitutionnelle)

MESUPRES : Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana ara-Tsiantifika (Ministère de l'Enseignement SUPé-rieur et de la REcherche Scientifique)

MID : Minisiteran'ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana (Ministère de l'Intérieur et Décentralisation)

MINSAN : Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka (Ministère de la Santé Publique)

OIT : Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa (Organisation Internationale du Travail)

ODD : Tanjona amin'ny fampandrosoana maharitra lovain-jafy (Objectif de Développement Durable)

OMS : Fikambanambe Iraisam-pirenena momba ny Fahasalamana (Organisation Mondiale de la Santé)

PIDESC : Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo ara-toekarena, sosialy ary kolontsaina (Pacte international relatif aux droits économiques, sociaux et culturels)

PNUD : Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana (Programme des Nations-Unies pour le Développement)

PTF : Mpiara-miasa ara-teknika sy ara-bola (Partenaires Techniques et Financiers)

Teny fampidirana

Ny rano sy ny fanadiovana dia loharanon-karena, ilain'ny olombelona indrindra mba hitandrovana ny fahasalamana, noho izany dia tsy maintsy manana fahafahana hisitraka izany ny rehetra, indrindra ireo mahantra sy ireo tena sahirana. Ny zo ho an'ny rano sy ny fanadiovana dia hita sy voasokajy ao anatin'ny Lalàna Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona (DUDH). Raha ny marina, ny fisitrahana rano sy ny fanadiovana dia fahefana eken'ny olona amin'ny alalan'ny lalàna manan-kery. Ny olona tsirairay dia manan-jo hisitraka rano fisotro madio araky ny lalàna mifehy ny Rano ka azony atao ny mitaky izany amin'ny fitondram-panjakana.

**Ny lalàna mifehy kosa dia ireo fitsipika mifehy ny fiarahamonina. Ny fampanajàna ny lalàna dia andraikitra ny fanjakàna mahefa.*

**Ny Zo dia fahefana omen'ny lalàna ho an'olona iray. Ity lalàna ity dia miankina indrindra amin'ilay olona mampiasa io fahefana io, izay fahefana manokana omen'ny lalàna hoan'ny olona iray na vondron'olona izay azo takiana amin'ny fanjakàna ny fiarovan'izany.*

Eto Madagasikara, ny Zo hisitraka rano fisotro madio sy fanadiovana dia mbola tsy voalaza mazava ao anaty lalàna manankery. Nefa kosa, rehefa jerena tsara ny fototry ny lalàna misy dia voamarina fa misy tokoa ireo Zo ireo amin'ny alalan'ny:

• Teoria mahakasika ny ambaratongam-penitra

Misy karazany maro ny fototry ny lalàna raha arak'io fehin-kevitra ny mpanao lalàna antsoina hoe «Hans Kelsen» io, izay azo aseho tahaky ny endrika piramida, dia ny «Pyramide de Kelsen» izay ahitana ny lalàm-panorenana any an-tampony, manaraka azy ao ny fifanarahana iraisam-pirenena vita sonia, sy ny lalàna, ary farany ireo karazana didy.

• Lalàm-panorenana

Ny lalàm-panorenana dia eny an-tampony ary tsy maintsy hajaina sy arahan'ireo lalàna rehetra eo ambaniny, ao anatin'izany ireo fahefana rehetra hampihatra azy (Antenimiera sy Governemanta), izay antsoina hoe «fitsipiky ny lalàm-panorenana», izany hoe tsy misy fahefana ao anatin'ny fanatanterahana ny asany ka tsy hanaja ny lalam-panorenana.

• Fifanarahana iraisam-pirenena vita sonia :

Ny antsoina hoe fifanarahana iraisam-pirenena dia fifanekena an-tsoratra nataon'ny firenena na vondrona iraisam-pirenena, voafaritry ao anaty lalàna iraisam-pirenena. Ny fifanarahana dia mety ahitana ankolafy roa na ankolafy maro ary mety ihany koa ho izao tontolo izao mihitsy ary.

Araky ny andininy faha 137 ny lalam-panorenana, mialohan'ny hanasoniavana ny fifanarahana dia tokony hatolotry ny Filohan'ny Repoblika hatao fanaraha-maso eny ny amin'ny fitsarana avo momban'ny lalam-panorenana (adika ho HCC) raha mifanaraka amin'ny lalàm-panorenana. Koa raha toa ka misy tsy fifanarahana amin'ny lalam-panorena dia tsy azo atao ny sonia raha tsy vita ny fanitsiana izany.

Ny fifanarahana sy fifanekena vita sonia dia manankery eo ambonin'ireo lalàna samihafa vantany vao vita ny fomba fampahafantarana natao azy, ary raha toa ka mampihatra azy ny ankolafy niara-nanao sonia.

Ny sata iraisam-pirenena mifehy ny zon'olombelona ohatra dia karazana fifanarahana iraisam-pirenena, ahitana ny fanambarana manerantany momba ny zon'olombelona, ny fanekem-pihavanana iraisam-pirenena momba ny zon'olom-pirenena ara-toekarena, ary ny fifanekena iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona sivily sy politika.

• Lalàna

Araky ny andininy faha 6 ny lalàm-panorenana, ny lalàna dia fanehoana ny filan'ny maro an'isa. Io lalàna io dia mitovy avokoa hoan'ny rehetra na eo amin'ny fiarovana, na eo amin'ny fanerena na eo amin'ny fanasaziana.

Ny lalàna dia lanian'ny parlemanta. Ny lalàna (sy ny lalàna fehizoro) dia tsy maintsy manaja ny lalam-panorenana sy ny fifanarahana iraisam-pirenena.

Ato amin'ity tahirin-kevitra ity dia ny lalàna laharana faha 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 mitondra fehezandalàna hoan'ny rano sy ireo didy fampiharana azy no tena ho resahina.



Fizarana I :

Ny fototra nahazoana ny Zo hisitraka Rano fisotro madio sy Fanadiovana

Ny Zo dia misy sokajy telo afaka hametrahana azy, araky ny fototra niaviny, izay mamaritra sy miaro azy :

- **Ireo Zon'olombelona**, voafaritra sy voaaro eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ohatra : fanambarana manerantany momba ny zon'olombelona.

- **Ireo Zo sy fahalalahana fototra**, voafaritra sy voaaron'ny lalam-panorenana sy fifanarahana iraisam-pirenena.

Ohatra : fanambarana momba ny zon'olombelona sy ny olom-pirenena.

- **Ireo fahalalahana**, voafaritra sy voaaron'ny lalàna tsotra.

Ohatra : lalàna faha 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 mitondra fehezan-dalàna momba ny rano.

Toko I : Ireo fototra iraisam-pirenena

Maro dia maro izy ireo : ao ireo fifanarahana iraisam-pirenena ankapobeny, ary ao ihany koa ireo fifanarahana iraisam-pirenena manokana.

Ireo fifanarahana sy fivoriana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ahitana ny tsy maintsy hanomezana rano fisotro madio sy fanadiovana :

- *Fifanarahana momba ny fanafoanana ireo endrika fanavakavahana atao amin'ny vehivavy, lany tamin'ny taona 1979 (andalana faha 2 amin'ny andininy faha 14) ;*
- Vondrona Iraisam-pirenena momba ny Asa (OIT), Fifanarahana laharana faha 161 momba ny tolotra arapahasalamana eny anivon'ny toeram-piasana, lany tamin'ny 1985 (Andiny faha 5) ;
- *Fifanarahana momba ny zon'ny ankizy, lany tamin'ny taona 1989 (Andininy faha 24 sy ny andalana faha 3 ny andininy faha 27) ;*
- Fifanarahana momba ny zon'ny olona manana fahasembanana, lany tamin'ny taona 2006 (andininy faha 28) ;
- Fivoriamben'ny Firenena Mikambana momba ny fandraisana ny tanjona amin'ny fampandrosoana lo-vain-jafy (ODD) tamin'ny Septambra 2015 ;
- Fitsipika fototra amin'ny fomba fitondrana ireo voafonja ;
- Raha aty amin'ny faritra Afrika, dia misy ny sata afrikanina momba ny Zon'ny ankizy (1990) sy ny fifanarahana miaraka amin'ny sata afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka, momba ny zon'ny vehivavy any Afrika (2003) ahitana mazava ireo adidy izay mifandraika amin'ny zon'olombelona amin'ny fahazoana rano fisotro madio sy fanadiovana.
- Ny fifanarahana afrikanina hoan'ny fikajiana ny natiora sy ny loharanon-karena voajanahary (2003) dia milaza fa ireo ankolafy rehetra manao sonia dia tsy maintsy miezaka miantoka hoan'ny mponina fanomezana rano azo antoka amin'ny fatrany ampy ary tsy tapatapaka.

Tamin'ny volana jolay 2010, ny fivoriamben'ny Firenena mikambana dia namaritra ny fisitrahana rano ho **zon'olombelona fototra** sy nanamafy ny rohy misy amin'ny zo hisitraka rano sy ny zo ho an'ny fanadiovana. Ny fivoriam-be dia nanaiky fa « ny zo hahazo rano fisotro madio sy fanadiovana dia zon'olombelona ahafahana misitraka ny zon'olombelona hafa »¹ .

Roa volana taty aorina, ny filan-kevitra ny zon'olombelona raha naheno io fanapahan-kevitra noraisin'ny fivoriambe voalaza etsy ambony io dia nanamafy fa ny zo hisitraka rano sy fanadiovana dia avy amin'ny zo hanana farim-piainana antonona sy tsy afa-misaraka amin'ny zo hanana fahasalamana ary zo hanana fiainana mendrika (Filan-kevitra ny zon'olombelona)² .

Ireo fanapahana roa ireo dia manamafy ny fifanekena iraisam-pirenena amin'ny zon'olombelona hisitraka rano sy fanadiovana ao anatin'ny zo mikasika ny zon'olombelona.

Andiany I : Fitaovana iraisam-pirenena

- Ny andininy faha 14 ny fifanarahana amin'ny fanafoanana ireo endrika fanavakavahana atao amin'ny vehivavy dia milaza fa ny Firenena mpikambana dia miantoka fahazoan'ny vehivavy fiainana mendrika indrindra amin'ny fisitrahana rano.
- Ny andininy faha 24 ny fifanarahana momba ny zon'ny Ankizy dia mandidy ny ankolafy hiady amin'ny aretina sy ny tsy fanjarian-tsakafo « amin'ny alalan'ny famatsiana sakafo mahavelona sy rano fisotro madio ».
- Ny fitsipika faha-18 amin'ny fitsipika fototra amin'ny fomba fitondrana ireo voafonja dia manantitrantitra fa « takiana ny fiantohana ny fahadiovan'ny voafonja ary mba hanaovana izany dia tsy maintsy misy rano sy fitaovana fidiovana ilaina amin'ny fahasalamany sy ny fahadiovany manokana», araka ny voalazan'ny fitsipika 22 fa «ny voafonja tsirairay dia tokony ho afaka manana rano fisotro rehefa ilainy izany.» noho izany dia ilaina ny famatsiana rano fisotro any amin'ny toby fitanana ireo voafonja.

1 A/64/292 lanin'ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana ny 28 jolay 2010.
2 A/HRC/RES/15/9 tamin'ny 30 septambra 2010.

• Ny fanamarihana ankapobeny n°15 nolanian'ny komity eo anivon'ny Firenena mikambana misahana ny zo ara-toekarena, sosialy ary ara-kolontsaina tamin'ny 2002, dia maneho fa ny zo hisitraka rano dia tsy afa misaraka amin'ny zo hanana farim-piainana ampy sy zo hanana fahasalamana hita ao amin'ny fanekem-pihavanana iraisam-pirenena momba ny zon'olom-pirenena ara-toekarena sy zon'olombelona (PIDESC) tamin'ny 1966.

Andiany II : Fifanarahana sy sata aty Afrika

Misy fifanarahana sy sata vitsivitsy manaiky ny fisian'ny zo hisitraka rano, tahaka ny fifanarahana miaraka amin'ny sata afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka mahakasika ny vehivavy (andiny faha 15) sy ny sata afrikanina momba ny zon'ny ankizy (andiny 14.2 (c)).

Toko II : Ireo lalàna fototra ato anatin'ny Firenena Malagasy

Andiany I : Ny lalam-panorenana

Savaranonando : Noho ny toerana misy ara-politika an'i Madagasikara sy ny fandraisany anjara an-tsitrapo eo amin'ny fifarimbonan'ny firenen-tsamihafa, indrindra :

- ny Sata iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ;
- ny Fifanarahana mikasika ny zon'ny ankizy, ny zon'ny vehivavy, ny fiarovana ny tontolo iainana, ny zo ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-politika, isam-batan'olona ary ara-kolontsaina ;
- ny fitantanana araky ny tokony ho izy sy ara-drarin'ny harena voajanahary ilaina amin'ny fampandrosoana ny olombelona.

Andiny 19.- Mankatò sy mandamina ny zon'ny tsirairay amin'ny fiarovana ny fahasalamana

Andiany II : Ny fehezan-dalàna momba ny rano

Ny andiny faha 37 ny lalàna 98-029 tamin'ny 20 janoary 1999 mitondra fehezan-dalàna hoan'ny rano dia milaza ao amin'ny andalana faha 2 fa ny famatsiana rano fisotro madio dia tolotra maneran-tany.

« Ny tontolon'ny asa famatsian-drano fisotro dia anjara andraikitry ny sampan-draharaham-panjakana mifototra amin'ny adidy mamatsy ny mpanjifa rehetra ny habetsahan-drano fisotro sy ny asa farafahakeliny ».

Arak'izany, ny lalàna dia manamafy fa manana Zo ireo mpanjifa ny hisitraka fatra sy tolotra farafahakeliny amin'ny fahazoan-drano. Ny tolotra dia tokony harindra mba ahafahan'ny mpanjifa misitraka ny zony, amin'ny fatra ampy manaraka ny tolotra fototra momban'ny rano fisotro madio.

Fizarana II :

Ny votoatin'ny Zo hisitraka

Rano fisotro madio sy Fanadiovana

Nahoana no lazaina fa filàna miantoka fahavelomana ny fisitrahana rano fisotro sy fanadiovana ?

Ny fisitrahana tolotra rano fisotro sy fanadiovana azo antoka dia manampy ny olona iray amin'ny fahazoany fiainana mendrika. Arak'izany dia miantoka ny fiatsaran'ny fahasalamany, ny fahafahana mandranto fianarana, ny fidirany eo amin'ny sehatry ny asa ihany koa. Nefa, ankehitriny dia manodidina ny iray lavitr'isa ny olona tsy afaka misitraka rano fisotro madio.

Raha ny eny anivon'ny fiaraha-monina, ny mponina misitraka rano fisotro sy fanadiovana azo antoka dia ho salama, afaka hiasa sy hamokatra tsara ary hanampy amin'ny fiharian-karen'ny firenena sady miaina ihany koa anaty tontolo iainana madio. Ny fanadiovana dia manana andraikitra lehibe amin'ny andavanandron'ny mponina. Nefa matetika dia atao tsinotsinona izany na tsy resahana akory aza nohon'ny resaka fomba sy fady. Ny fangerena ankalamanjàna, eny andalam-be na anaty ala, dia toe-javatra hiainana tsy tokony azo ekena intsony nefa dia mbola be ny olona manao izany. Eto Madagasikara, ny tarehimarika dia manambara fa 10 isan-jaton'ny olona ihany no mampiasa kabone fototra ary maherin'ny 44 isan-jato no mbola mangery ankalamanjàna. (Loharano : UNICEF/WHO Joint Monitoring Programme - 2017).

Na dia eo aza ireo kabone sy fangerena voatokana dia matetika izy ireny no maloto sy lafo ny fampiasana azy, eo ihany koa ny mety ho fahalavirany mitaha amin'ny toeram-ponenana sy ny toeram-piasana. Ankoatran'izay, dia misy ihany koa ny filàna manokan'ireo vehivavy mandritran'ny fadim-bolany izay tsy voahevitra.

Araky ny zon'olombelona, ny resaka fisitrahana rano fisotro madio sy ny fisitrahana fanadiovana dia misy hifandraisany akaiky. Ny tsy fahampiana fanadiovana dia miteraka fahalotoan'ny rano fisotro madio. Ny rano maloto dia miteraka aretina izay matetika mahafaty mihitsy. Ny antotan'isa dia ahitana fa tafakatra iray tapitr'isa ny olona matin'ny aretina vokatry ny rano maloto.

Ny rano dia aina, ary tsy misy afaka hanoloana ny rano raha toa ka tsy ampy izany. Mba ahafahana miaina amin'ny fepetra voaaro, ny olona iray dia tokony hisitraka fatrana rano madio farafahakeliny isan'andro.

Toko I : Ny zo ara-penitra hisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana

Andiany I : Ny fifanarahana iraisam-pirenena

Ny votoatin'ny zo histrika rano fisotro madio sy fanadiovana dia voafaritra ao amin'ny famelabelarana ankapobeny faha 15: zo hisitraka rano (2002) sy ny tondro-zotra ho fanatanterahana zo hisitraka rano fisotro madio sy fanadiovana (2005) narafitry ny birao misahana ny fampiroborobona ny fiarovana ny zon'olombelona.

Rehefa atambatra ireo tahirin-kevitra rehetra ireo dia milaza fa ny zo amin'ny fisitrahana rano fisotro sy fanadiovana dia tokony mijery ireto manaraka ireto :

| | |
|---|---|
| Rano amin'ny fatrany ampy | <p>Ny famatsian-drano dia tokony amin'ny fatrany ampy hoan'ny filan'ny olombelona iray. Tokony ampy ho sotroina, ho an'ny fanadiovan-tena, ny fanasàna lamba, ny fikarakarana sakafo, ny fidiovana hoan'ny tena manokana sy ny ao an-tokatrano.</p> <p>Tokony ho voaaro ny loharano mba ahazoana rano fisotro madio hoan'ny taranaka faramandimby. Rehefa ampy ny rano hoan'ny filàna manokana sy ny ao an-tokatrano, dia tokony hisy fatrana rano hampiasaina hoan'ny fikarakarana sakafo izay singa iray anatin'ny zo amin'ny fisitrahana sakafo.</p> |
| Rano fisotro madio sy fanadiovana sahaza | <p>Ny rano dia tsy tokony ahitana loto mety hitera-doza hoan'ny fahasalaman'ny olombelona. Ny fanadiovana dia tokony hanaraka ny fitsipi-pidiovana mba tsy ho loza hoan'ny tontolo iainana: tokony afaka miaro tsara ny fifandraisan'ny olombelona sy ny biby amin'ny tay miparitaka ka tsy hamindra aretina.</p> <p>Ireo fotodrafitrasa ara-pahasalamana dia tokony ho azo antoka. Ny tay sy ny rano maloto dia tokony ho fongorina amin'ny fomba tsy mitera-doza.</p> <p>Ny fitondram-panjakana dia tokony hanao hetsika fanairana hoan'ny fidiovana sy hizara vaovao mahakasika ny fomba fanadiovana rano ao an-tokantrano miaraka amin'ny fomba fitehirizana izany.</p> |
| Rano sy fitsipi-pahasalamana mendrika (ara-kolotsaina) | <p>Ny rano dia tsy tokony miloko na ahitana fofona na tsiro mety tsy ho zakan'ny mpampiasa azy. Ny kabone dia tokony hanaja ny famendrehan'ny tsirairay avy.</p> |
| Rano sy fanadiovana mora azo sy ampiasaina | <p>Ny tolotra amin'ny fisitrahana rano sy fanadiovana ary ireo fitaovana miaraka aminy dia tokony ho mora ampiasaina. Na izy apetraka ao an-tokantrano na tsy lavitry ny toeram-ponenana, na sekoly, na toeram-piasana, na ireny tobi-pahasalamana ireny.</p> <p>Tokony apetraka ihany koa eny amin'ny toerana azo antoka, mba ahafahana miantoka ny fandriampahaleman'ireo mpampiasa azy indrindra fa ny ankizy sy ny vehivavy.</p> <p>Ny vondrona maneran-tany hoan'ny fahasalamana (OMS) dia nanome toromarika mba ho latsaky ny 1000 metatra ny halaviran'ny toerana hakana rano ary tsy tokony hihotran'ny 30 minitra ny fotoana lany hakana izany.</p> |
| Fisitrahana rano sy fanadiovana zakan'ny fahefa-mividy | <p>Ny tolotra amin'ny famatsiana rano fisotro sy fanadiovana ary ireo fitaovana miaraka aminy, tafiditra indrindra amin'izany ny fikojakojàna, dia tokony zakan'ny fahefamividy ireo mpampiasa. Izany singa izany dia tsy tokony hampihena ny fahefan'ny olona sy ny tokantrano hisitrana zavatra hafa indrindra fa ireo fitaovana voasokajy ho ilaina amin'ny fiainana andavanandro tahaky ny sakafo hohanina, trano fialofana, tolotra ara-pahasalamana, fianarana izay ahafahana manatanteraka ny zo fototra maha olombelona.</p> |

Araky ny famaritana nataon'ny komity momba ny zo ara-toekarena, sosialy sy ara-kolotsaina « ny zo hisitraka rano dia ny famatsaiana rano amin'ny fatrany ampy, mora ampiasaina, amin'ny vidiny mirary, amin'ny kalitao sahaza ny mpampiasa azy»³.

Andiany II : Ny fifanarahana nasionaly

Satria ny rano dia loharanon-karena tsy afa-misaraka amin'ny olombelona ary ilainy mba ahafahany miaina, ny olon-drehetra dia tokony hisitraka izany, indrindra fa ny mahantra sy ny tena sahirana. Ny zo amin'ny fisitrahana rano sy ny fanadiovana eto Madagasikara dia fehezin'ny fehezan-dalàna momba ny rano napetraka tamin'ny taona 1991 sy ny didim-panjakana fampiharana 13.

Ohatra : Andininy faha-10 amin'ny didim-panjakana N ° 2003-193

Ny fanomezana an'ity serivisy rano fisotro madio ity dia ahitana :

a) - Manatitra rano fisotro amin'ny fatrany ampy ho an'izay mangataka izany:

- 30 litatra isan'andro isan'olona;
- zaraina ho an'ny tokantrano tsirairay, na amin'ny alalan'ny paompy na vovo hitambarana tsy mihoatry ny 500 metatra miala ny trano rehetra;
- amidin'ny mpitantana ny rano, amin'ny sarany mitovy ho an'ny mpisitraka rehetra;

b) - Manaraka ny fenitry ny kalitao'ny rano ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny rano

Ny fehezan-dalàna momba ny rano dia tohanan'ny antontan-taratasy momba ny paikady eo amin'ny sehatra sy ny drafitr'asa (SSPA) momba ny rano sy ny fanadiovana ary novolavolaina sy nolanian'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny May 1994.

Ny votoatin'ny tondrozotra Madagasikara Madio 2025, dia manampy amin'ny fanaparahana ny zon'ny vahoaka Malagasy amin'ny fisitrahana rano sy ny fanadiovana. Ny paik'ady fidiran'izy ireo an-tsehatra dia mifototra amin'ny foto-kevitra « **Rano, Fanadiovana sy Fidiovana na aiza na aiza ary ho an'ny rehetra** » izay miantoka ny fahafahan'ny mponina miditra sy misitraka ny serivisin'ny rano sy ny fanadiovana eny amin'ireo toerana natokana ho an'ny besinimaro. Ity paikady ity dia hamafisina amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny andrim-panjakana toy ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika (ME-SUPRES), Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka (MSP), Minisiteran'ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana (MID) ary ny fikambanana tsy miankina rehetra (Fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena, ONG, sns.) ary mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF) mikendry ny fampandrosoana ny fampiharana sy ny fanaraha-maso ny drafitr'asa.

Toko II : Ireo endriky ny zo amin'ny ankapobeny mahakasika ny rano fisotro madio sy fanadiovana

• Ny zo hisitraka rano dia mizara ho zo maromaro ihany koa izay miantoka: ny fiarovana amin'ny fahatapahana tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna; ny fandràna ny fandotoana ny tahirin-drano ; ny tsy tokony hisian'ny fanavakavahana amin'ny fisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana indrindra amin'ny resaka toeram-ponenana sy fananan-tany ; ny fandiampahaleman'ny tsirairay amin'ny fisitrahana rano sy fanadiovana ivelan'ny tokontrano.

• Ny zo hisitraka rano dia mametraka ihany koa ireo antoka ahafahana: misitraka rano amin'ny fatrany ilaina amin'ny fiainana sy ny fahasalamana ; fisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana eny anivon'ny fonja ; fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra mahakasika ny rano sy ny fanadiovana na eny anivon'ny fanjakana foibe na eny anivon'ny vondrom-paritra izany.

3 (L'Observation générale n°15, para. 2).

Tao anatin'ny famelabelarana ankapobeny faha 15, ny komity momba ny zo ara-toekarena, sosialy sy ara-kolotsaina dia nanamafy ny votoatin'ny zo hisitraka rano izay tokony ho famatsiana amin'ny fatrany tokony ho ampy, mora ampiasaina ary amin'ny vidiny zakan'ny fahefa-mividy ary amin'ny kalitao azo ekena.

- Ny rano ampiasain'ny tsirairay dia tokony ho ampy azy amin'ny filàny manokana sy ny ao an-tokantrano. Izany dia ny natao hosotroina, hanasàna ny lamba, hikarakarana sakafo ary ny hidiovana. Ny fampiasana rano hafa, toy ny dobo filomanosana, na ny fanaovana zaridaina dia tsy voarakitra anatin'ny zo hisitrahana rano.

- Ny zo hisitraka rano dia tsy midika velively hoe ny tsirairay dia tokony hanana fotodrafitrasa ho azy manokana isan-tokantrano fa kosa hoe tokony tsy ho lavitry ny toeram-ponenana ny fatsakana.

Araky ny OMS, mba ahafahana misitraka rano 20 litatra isan'andro, ny toerana tokony hakana ny rano dia tsy tokony ho lavitry ny 1 000 metatra miala ny trano fonenana, ary ny fotoana hatsakàna dia tsy tokony mihoatran'ny telopolo minitra.

- Ny tolotra famatsian-drano dia tokony ho zakan'ny fahefamividin'ny rehetra. Tsy misy olona na vondron'olona tokony tsy hisitraka rano noho ny tsy fananany vola.

- Ny dikan'ny hoe rano amin'ny vidiny mirary dia manambara ihany koa fa ny vola ilain'ny mpitantana amin'ny fikirakirana ny foto-drafitr'asa dia tsy tokony ho sakana hoan'ireo mahantra ara-bola amin'ny fahazoana rano fisotro madio sy fanadiovana. Ohatra : ny PNUD dia manolon-kevitra ny hoe tokony ho 3% amin'ny fidiram-bolan'ireo tokantrano sahirana izany.

- Ohatra ihany koa, mahakasika ny zo amin'ny fampianarana, rehefa tsy misy ny kabone misaraka hoan'ny vehivavy eny anivon'ny toeram-pianarana dia matetika tsy mamela ny zanany vavy handeha hianatra ny ray aman-dreny indrindra rehefa tonga ny fadim-bolana voalohany.

- Ny tsy fisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana dia misy fiantraikany goavana amin'ny fahasalamana. Isan-taona dia eo amin'ny 1.8 tapitrisa eo ny zaza matin'ny aretim-pivalànana vokatry ny rano tsy voadio, izay avo dia avo raha ampitahaina amin'ny maty ateraky ny ady, araky ny voalazan'ny PNUD. Rehefa lavitry ny toeram-ponenana no misy ny fatsakàna dia manjary misy fiantraikany ratsy amin'ny fahasalamana indrindra hoan'ny ankizy sy ny vehivavy.

Ankoatran'ny vesatry ny rano dia eo ihany koa ny aretina azo avy amin'ny fikasoan'ny hoditra amin'ny rano tahaky ny takilidrano. Misy fiantraikany amin'ny fianarana sy ny seham-piarin'ny zaza sy ny vehivavy ihany koa ny fiandraiketana ny fatsakana ny rano.

Tsy mahazo rano fisotro amin'ny paompy izahay ka voatery mandeha maka rano eny ampatsakana hany ka voan'ny « hernie » aho ny farany.

Loharano : vehivavy iray any Turquie, tetik'asa « voix d'eau », 2003

- Raha dinihina amin'ny lafiny zon'olombelona ny mahakasika ny rano sy ny fanadiovana dia hita fa tokony handray anjara amin'ny fanapahan-kevitra sy hahazo vaovao momban'izany ny olona tsirairay. Ny sahirana sy ny osa dia matetika tsy hampandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra momba ny rano sy ny fanadiovana ka izany no mahatonga ny filan'izy ireo tsy misy mijery.

Ny fandraisan'anjaran'ny vondrom-paritra amin'ny teti-pivoarana sy ny famolavolana ny drafitrasa fitsinjarana rano sy fanadiovana dia zava-dehibe ihany koa raha tiana ny hanana tolotra ilaina sy mifandraika amin'ny filan'ny mponina.

Loharano fanovozan-kevitra

- 1- BOISSON DE CHAZOURNES, Laurence, « Le droit à l'eau et la satisfaction des besoins humains : notions de justice » In: Alland, D., Chetail, V., de Frouville, O . & Viñuales, J. E. Unité Et Diversité Du Droit International : Ecrits En L'honneur Du Professeur Pierre-Marie Dupuy : Martinus Nijhof / Brill Academic, 2014. p. 967-981 ;
- 2- DE ALBUQUERQUE CATARINA, « droit à l'eau et à l'assainissement : manuel à l'usage des militants », FAN Global 2010 ;
- 3- DE ALBUQUERQUE CATARINA Mpitatitra manokan'ny Firenena Mikambana momba ny zo hahazo rano fisotro madio sy amin'ny fanadiovana, « Bonnes pratiques de réalisation des droits à l'eau et à l'assainissement », septembra 2011 ;
- 4- KAOMISERA AVO HO AN'NY ZO OLOMBELONA, « le droit à l'eau », takelaka faha n°35, Natonta tao amin'ny Firenena Mikambana, Genève aprily 2011 ;
- 5- Lalàm-panorenan'ny Repoblika faha-4 an'i Madagasikara ;
- 6- Lalàna organika laharana faha 2014-08 du 12 septambra 2014 mifehy ny fomba fandaminana sy fampandehanan-draharahan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany ;
- 7- Lalàna laharana faha 98-029 du 20 janoary 1999 mirakitra ny lalàna mifehy ny rano ;
- 8- Didim-panjakana laharana faha 2003-193 du 4 marsa 2003 mifandraika amin'ny fampandehana sy fandaminana ny rano fisotro sy ny serivisy fanadiovana rano maloto ao an-tokantrano ;
- 9- Fanambarana momba ny politikan'ny sehatry ny rano ;
- 10- Fanamarihanan'i Andriamatoa Herivelo RAKOTONDRAINIBE, Mpandrindra Nasionaly ny Diorano-WASH.

Miaraka amin'ny fanohanan'ny :

